# Inona no atao hoe COVID maharitra?

World PT Day 2021

Nofaritana ho fisiana soritr'aretina na tranga miseho mandritra na aorian'ny fisehoan'ny COVID-19, izay maharitra herinandro 12 na mihoatra ny COVID maharitra.

Mandritra ny herinandro 4 ny tena fisehoan'ny COVID-19 ary COVID maharitra raha mitohy herinandro 4 ka hatarmin'ny 12.

**Mitranga matetika ve ny COVID maharitra?**

Ny 1 ka hatramin'ny 10 amin'ny tranga rehetra no maneho soritr'aretina mihoatra ny herinandro 12

**Ny ankamaroan'ny olona tratr'ity aretina ity dia salama tsara sy tomady teo aloha.**

**Ny ankizy koa dia toy ny lehibe ihany, na amin'ny soritr'aretina na amin'ny hamaroan'ny tranga.**

Mety ho voan'ny COVIDmaharitra avokoa na ny olona notsaboina tany amin'ny hopitaly na ny tany an-trano.
Tratry ny COVID maharitra na COVID-19 malefaka na COVID-19 misy fahasarotana rehefa mitohy ny fisian'ny soritr'aretina.

Mahakasika taova maro . Misy 200 ny karazana soritr'aretina noho izany.Mety miara-miseho ireo ary mety mihombo na miafana amin'ny fomba samihafa izay azo fantarina mialoha na tsia.

**Ny soritr'aretina hita matetika aorian'ny 6 volana dia:**

- havizanana mafy
- fihomboan'ny soritr'aretina aorian'ny fampiasam-batana mafy na asa saina be (FSAF)
- olana amin'ny fifantohana sy fitadidiana

**Other common symptoms:**

- tsy avy miaina,
- marary na teritery ny tratra
- tsy mahita tory
- mitempotempo mafy ny fo
- fanimpanina
- marary ny hozatra
- marary ny vanintaolana
- alahelo sy fitaintainana
- sofina maneno na aretin-tsofina hafa
- malemilemy, mivalana, marary vavony, malain-komana tsy mahare tsiron-kanina na fofona
- mafana hoditra,mikohaka, marary an-doha, marary tenda,
- Tandomerina

Tsy mbola misy famaritana niarahana nankato eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena ho an'ny COVID maharitra. Na izany aza anefa,dia hita sy tsapa fa mety hitarika fahasembanana ny COVID maharitra. Voamarika fa ny fiantraikan'ny COVID maharitra amin'ny taova dia mety mivoatra ho any amin'ny fahasembanana tokoa.

World Physiotherapy

www.world.physio/wptday